# Madagasikara. Ny 11 DESAMBRA 2020 no hifidy ny Loholona vaovao ny Mpifidy Vaventy  manerana ny No

Jeudi, 10 Septembre 2020 07:19 - Mis à jour Jeudi, 10 Septembre 2020 16:03

REPOBLIKA NO FIFANDRAISANANA

**GOVERNEMANTA**

**FAMPITAM-BAOVAO MOMBA NY FIFIDIANANA LOHOLONA ETO MADAGASIKARA**

Ny Filan-kevitry ny Governemanta natao androany Alarobia 09 septambra 2020 dia nandray ireto fanapahan-kevitra manaraka ireto momba ny fanatanterahana ny fifidianana ny Loholon'i Madagasikara :

- Nankatoavina ny Didim-panjakana manaika ny mpifidy vaventy, ka araka ny tolo-kevitra avy amin'ny Vaomieran-pirenena Mahaleo tena misahana ny Fifidianana (CENI) dia ny **Zoma 11 desambra 2020** no hotontosaina manerana ny Nosy **ny fifidianana Loholona.**
- Nankatoavina ny Didim-panjakana manaritra ny **fandraisan'anjaran'ny ilaitry ny kandida amin'ny saram-panontana ny biletàm-pifidianana**, ka tapaky ny Filan-kevitry ny Governemanta **fa dimy ambain'ny folo tapitrisa Ariary (15.000.000) Ariary** izany, isaky ny ilaitra sy isaky ny fari-pifidianana. Nankatoavina koa ny fomba fanoneranà izany saram-pandraisana anjara izany.
- Farany, dia nankatoavina ny Didim-panjakana mamaritra ny fomba fikarakarana ny fifidianana Loholona. Araka ny voalazan'ny andininy 78 sy 79 ny lalàna fehiseo lF 2015-007 tamin'ny 03 marsa 2015 **dia fifidianana andraisan'ny mpifidy vaventy anjara no hifidianana ny Loholona, isaky ny Faritany, dimy (05) taona ny fe-potoam-piasany, latsa-bato indray mihodina amin'ny ilaitra tay aze ovaina, tsy misy fampifangaroana, na latsabato ahazoan'ny mpifidy manova ny laharan'ny hofidiana na ilaitra tsy feno.**
  - Ny CENI no mandrafitra ny lisi-pifidianana, miaingà amin'ny didim-pitsarana navoakan'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny Fanjakana momba ny fifidianana ben'ny tanana ny 27 novambra 2019. **Io lisi-pifidianana io** dia faranana farafahatarany iray volana aloha'ny datim-pifidianana, izany hoe **ny alarobia 11 novambra 2020.**
  - **Ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiana,** miaraka amin'ny fitanisana ireo taratasy rehetra ilaina dia tsy maintay apetraka eny anivon'ny Radfira manara-maso ny mandray ny filatsahan-kofidiana na OVEC eny anivon'ny Vaomieram-paritany misahana ny fifidianana **eo anoheanan'ny 28 septambra 2020 amin'ny 09 ora maraina ka hatramin'ny alatsinainy 12 oktobra 2020 amin'ny 05 ora hariva.**



- Ny CENI no mamaritra **ny lisitr'ireo kandida tena izy**, isaky ny fari-pifidianana, miaraka amin'ny mari-pamantarana asy avy, farafahatarany ny alakamisy **29 oktobra 2020**. Havaoka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika sy hampahafantarina amin'ny haino aman-jery ireo ilaitry ny kandida tena izy ireo.
- **Ny fampiseban-kevitra** ho an'ny fifidianana Loholona dia hanomboka **ny alakamisy 19 novambra 2020 amin'ny 06 ora maraina ka hifarana ny alarobia 09 desambra 2020 amin'ny misasakalina.**
- **Tsy misy fandraisana ny fanambarana hanao fampiseban-kevitra** intsony 72 ora mialoha'ny fahataperan'ny fampiseban-kevitra, izany hoe **ny alahady 06 desambra 2020.**
- **Ny fahagingana (silence électoral)** dia tsy maintay hajaina indray andro aloha'ny fifidianana, izany hoe **ny alakamisy 10 desambra 2020 manomboka amin'ny misasakalina.**
- **Tsy aso atao intsony ny manely peta-drindrina** momba ny fampiseban-kevitra, indray andro aloha'ny fifidianana, izany hoe **ny alakamisy 10 desambra 2020 manomboka amin'ny misasakalina.**
- **Ny ilaitra sy ny toerana misy ireo biroa fandatsaham-bato** dia feran'ny fanapahana ataon'ny CENI farafahatarany enimpolo (60) andro mialoha'ny fifidianana, izany hoe **ny alatsinainy 12 oktobra 2020.**
- **Ny mpikambana ao amin'ny Biroa fandatsaham-bato** dia tendren'ny CENI telopolo (30) andro mialoha'ny fifidianana, izany hoe **ny alarobia 11 novambra 2020.**
- **Ny folo sy ny firafitry ny sampana mpikinakira ny fanisam-bato (BRMV)** dia farian'ny CENI farafahatarany iray volana mialoha'ny fifidianana, izany hoe **ny alarobia 11 novambra 2020.**
- **Ny fangatahana ny « badge »** ho an'ireo mpanara-maso ny fifidianana, na Malagasy na vahiny, sy ho an'ireo mpanao gazety dia tsy maintay tsilaptetraka eny anivon'ny tompon'andraikitra mahefa izany, farafahatarany dimy ambinifolo (15) andro miaisha ny fifidianana, izany hoe **ny alakamisy 26 novambra 2020 amin'ny 05 ora hariva.**
- **Tsy aso atao ny mivaotra na mitsinjara zava-piastro misy alikaola** manerana ny Nosy, iray andro mialoha'ny fifidianana, izany hoe **ny alahamisy 10 desambra 2020 manomboka amin'ny 06 ora maraina, sy ny noma 11 desambra 2020.**

Natao teto Antananarivo, androany 09 septambra 2020

Ny Mpitondra-draharaha'ny Governemanta

Lalaina ANDRIATOMGARIVO

Ministry ny Serasera sy ny Kolontsaina